


# Manara-dia an'i Jesoa any Vanuatu

## Ny fomba fanarahan'i Emma an'i Jesoa

Manara-dia an'i Jesoa Kristy i Emma rehefa tsara fanahy. Te ho naman'ny olon-drehetra izy! Tia miresaka aman'olona sy milalao miaraka amin'ireo ankizy hafa izy. "Tiako ny milalao miaraka amin'ireo namako sy manome fanomezana azy ireo satria tiako ny olona," hoy i Emma. Indraindray izy dia manamboatra karatra ho an'ireo namany sy fianakaviany.

Manampy ny reniny ihany koa i Emma mikarakara ireo anadahiny kely kambana. Manampy mahandro sakafo ho an'ny fianakaviany izy ary manome sakafo ireo anadahikeliny. "Manana fahatsapana tsara ary faly aho rehefa manampy. Fantatro fa hitahy ahy ny Ray any Andanitra," hoy i Emma.



### Afaka manara-dia an'i Jesoa koa ianao!

Inona no zavatra nataonao hanarahana dia an'i Jesoa? Soraty ary tantarao aminay! Mandehana any amin'ny fonon'ny boky any ambadika mba hahitana ny fomba hanaovana izany.




### Mombamomba an'i Emma

**TAONA:** 10

**AVY ANY:** Shefa, Vanuatu

**FITENY:** Anglisy, Bislama, Fijiana

**TANJONA:** 1) Hitory ny filazantsara. 2) Ho lasa mpanamory fiaramanidina.

**FIALAMBOLY:** Milomano sy karaoke

**FIANAKAVIANA:** Emma, Neny, Dada, rahavavy iray, ary anadahy anankiroa

### Ireo zavatra tian'i Emma indrindra

**TANTARA AO AMIN'NY BOKIN'I MÔRMÔNA:** Lehia sy ny fianakaviany mandao an'i Jerosalema (jereo ao amin'ny1 Nefia 2)

**FOMBA FANAO AMIN'NY FIALAN-TSASATRA:** Manome vatomamy sy karatra ho an'ny namana amin'ny Paska.

**VOANKAZO SY LEGIOMA:** Akondro, paoma, voasary, voanketsihetsy, salady, ary karoty

**LOKO:** Mavokely

**HIRAN'NY KILONGA:** "Fianakaviana mandrakizay" (*Bokin-kiran'ny ankizy*, 98)